“Izay mianiana ka niteny amin’ny fianianana hoe : Mianiana amin’ny alalan'i Lata sy Ozza, dia aoka izy hiteny hoe: Lailaha Illallah, izay midika : Tsy misy tompo marina afa-tsy Allah, ary izay miteny amin’ny namany hoe : Avia hiara-hiloka amiko ianao, dia aoka izy hamoaka fanomezana

Tatitra azo avy amin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (Ṣ.A.W) manao hoe : “Izay mianiana ka niteny amin’ny fianianana hoe : Mianiana amin’ny alalan'i Lata sy Ozza, dia aoka izy hiteny hoe: Lailaha Illallah, izay midika : Tsy misy tompo marina afa-tsy Allah, ary izay miteny amin’ny namany hoe : Avia hiara-hiloka amiko ianao, dia aoka izy hamoaka fanomezana".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Ny Mpaminany (S.A.W) dia mampitandrina ny amin'ny fianianana amin'ny zavatra hafa ankoatra an'I Allah; satria ny mpino dia tsy mianiana afa-tsy amin’I Allah irery ihany, Nilaza izy fa izay mianiana amin’ny zavatra hafa ankoatra an’I Allah; Ohatra amin'izany tahaka ny olona mianiana amin'ny Làta sy Al-Ozza - sampy roa izay nivavahana tamin'ny andron'ny habadoana - dia tsy maintsy miteny avy hatrany izy manao hoe : Là ilàha Illallàh, mba hanarenany avy hatrany ny tenany, mba hiala amin'ny fanompoan-tsampy, ary hanonitra ho an'ny tenany tamin'ny fianianana nataony. Avy eo nanambara ny Mpaminany (S.A.W) fa izay miteny amin'ny namany : Andeha isika hiloka - izany dia olona roa na maroamaro milalao dia izay mpandresy no mandray ny vola; ka tsaratarsa ny mamoaka fanomezana ho fanonerana amin'ny antso nataony.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/6379